

et 19-01-21
Sec PV
CRA n° 110
V
2
06



ASSEMBLEE NATIONALE
ANTENIMIERAMPIRENENA



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tahindrazana - Fandrosoana

REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA
TAONA 2020

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-110

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY TOLO-PEHIN-KEVITRA LAHARANA FAHA-010-2020/PR «TENDANT A LA CREATION D'UNE COMMISSION D'ENQUETE PARLEMENTAIRE SUR LE CONTRAT DE CONCESSION ETABLIE ENTRE L'ETAT MALAGASY ET LA SOCIETE RAVINALA AIRPORTS», NATOLOTRY NY SOLOMBAVAMBAHOAKA RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth, VOAFIDY TAO FIANARANTSOA I

Fivoriana faha-24
Natao ny
Alarobia 16 Desambra 2020
- Hariva -

FIVORIAMBE

FILOHA : Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

MPITANTSORATRA : - Ramatoa ANGELE solange
- Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle

FOTOANA : Alarobia 16 Desambra 2020, tamin'ny 4 ora sy 55 minitra, hariva.

FANDAHARAM-POTOANA : Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-010-2020/PR «tendant à la création d'une commission d'enquête parlementaire sur le contrat de concession établie entre l'Etat Malagasy et la Société Ravinala Airports», natolotry ny Solombavambahoaka RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth, voafidy tao Fianarantsoa I.

Nitohy ny Alarobia 16 Desambra 2020, tamin'ny 4 ora sy 55 minitra, hariva, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques, Filoha Lefitry ny Antenimierampirenena, avy amin'ny Faritanin'i Toliara no nomen-dRamatoa Filoha hitarika izany fivoriambe izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia nampahatsiahy ny fandaharam-potoana izay fivoriambe handinihana sy handraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-010-2020/PR «tendant à la création d'une commission d'enquête parlementaire sur le contrat de concession établie entre l'Etat Malagasy et la Société Ravinala Airports», natolotry ny Solombavambahoaka RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth, voafidy tao Fianarantsoa I.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Fitaterana sy ny Famatarana ny Toetr'andro, Andriamatoa Filoha, mba hamaky ny tatitra.

Nanatanteraka izany, Ramatoa RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa, ka toy izao no fivakin'izany:

Nivory ny Alarobia 16 Desambra 2020, maraina, ny Vaomieran'ny Fitaterana sy ny Famatarana ny Toetr'andro nandinika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-010-2020/PR «tendant à la création d'une comission d'enquête parlementaire sur le contrat de concession établi entre l'Etat malagasy et la société Ravinala Airports», natolotry ny Solombavambahoaka RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth, voafidy tao Fianarantsoa I.

Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot, Mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fitaterana sy ny Famatarana ny Toetr'andro no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tonga nanatrika ny fivoriana, Ramatoa sy Andriamatoa isany:

1. RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth
2. ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot
3. RAVONTY Tam-Téon Luc
4. ANDRIAMIASASO Doda Niriamboavonjy
5. RAVELOSON Guillaume Narindrasana
6. PEPIN Michou
7. RAZAIHARIMALALA Harizaka Fiainantsoa

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Solombavambahoaka, RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth, voafidy tao Fianarantsoa I, hitondra fanazavana mikasika izao Tolo-pehin-kevitra izao.

Nandritra izany no nanazavany fa noho ny mahaolana eo anivon'ny fitaterana an'habakabaka azy dia nankinina tamin'ny Vaomieran'ny Fitaterana ny famahana ity olana ity. Saingy mba ahafahan'ireo Solombavambahoaka hafa mandray anjara amin'ny fanadihadiana dia hatsangana eto anivon'ny Antenimierampirenena ny Vaomiera mpanao famotorana hisahana ny fanadihadiana ny fifanarahan'ny Fanjakana Malagasy sy ny orinasa RAVINALA AIRPORTS.

Arak'izany, ny tanjona dia handaniana ity Tolo-pehin-kevitra ity ho fananganana Vaomiera mpanao famotorana hisahana ny fanadihadiana ity raharaha ity.

Taorian'izany, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ny mpivory ka noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Rehefa izany, nolanian'ny Vaomieran'ny Fitaterana sy ny Famantarana ny Toetr'andro ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-010-2020/PR «tendant à la création d'une commission d'enquête parlementaire sur le contrat de concession établie entre l'Etat malagasy et la société Ravinala Airports», natolotry ny Solombavambahoaka RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth, voafidy tao Fianarantsoa I, ka hoentina eo anivon'ny Fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 10 ora, maraina, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitarika ny fivoriana.

Taorian'izay, nisaotra ny Mpampakateny, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, tamin'ny famakiana ny tatitra ary nanontany raha misy manana fanamarihana na fanitsiana mikasika ny tatitra novakiana teo ny mpivory.

Rehefa tsy nisy nanana fanamarihana na fanitsiana mikasika izany ny mpivory, nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana fitenenana ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-pehin-kevitra.

Nanambara Andriamatoa RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth, mpanolotra ny Tolo-pehin-kevitra, fa maro ny fitarainana nataon'ireo mpisehatra ao amin'ny seranam-piaramanidina voarain'izy ireo. Rehefa natao ny fanadihadiana, hita fa lasa hadino ireo mpisehatra maro ao amin'io toerana io noho ny fifanarahana nataon'ny fanjakana Malagasy sy ny «société Ravinala». Amin'ny maha orinasan'ny firenena Malagasy azy io anefa, maro ny olona no mivelona sy miasa ao aminy.

Rehefa natao ny adihevitra maromaro nandritry ny fihaonana, sarotra ny fikarohana vahaolana satria nisy hevitra tsy nety niposaka sy tsy nifankahazo tamin'ny fifanatonana. Izay no nahatonga ny Solombavambahoaka nanao ity Tolo-pehin-kevitra ity mba hijerena vahaolana sy ahafahana manao fanadihadiana lalindalina kokoa mikasika izany fifanarahana izany.

Taorian'izay, nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fitenenana ny solotenan'ny Governemanta raha manan-kolazaina mikasika ny famelabelarana nataon'ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-pehin-kevitra teo.

Nilaza, Ramatoa RAKOTOMALALA Tiana, Tale Jeneralin'ny Fitaterana, fa marina tokoa ny fitarainana voarain'ny Solombavambahoaka. Ohatra amin'izany, lasa tsy mahazo toerana ao amin'ny seranam-piaramanidina ny SOFITRANS. Torak'izany koa ny fikambanana Ravintsara, ny fikambanan'ireo mpivarotra "Art Malagasy" tao amin'ny "Aérogare" teo aloha izay nanantena ny hahazo toerana ao amin'ny "Aérogare" vaovao amin'ny toerana iasan'ny Ravinala.

Nambarany koa fa somary sarotra ny fifanarahana tamin'ny orinasa Ravinala ka inoana fa hanampy sy handray ny andraikitra mifanandrify aminy ny Antenimierampirenena.

Nilaza koa izy fa vonona ny hifanome tana amin'ny Solombavambahoaka ny Minisiteran'ny Fitaterana amin'ny fanatanterahana ny fanadihadiana izay hatao. Nomarihany fa fifanarahana nataon'ny fitondrana teo aloha izao miteraka disadisa izao saingy misy ny atao hoe "continuité de l'Etat" na fitohizan-draharaham-panjakana ka tsy maintsy atrehina izany olana izany ary itadiavana vahaolana ihany koa.

Ramatoa TSELAHY Deborah, Teknisiana avy amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana, kosa rehefa nomena fitenenana nilaza fa ny andininy faha-184 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no ampiasaina rehefa misy raharaha toy izao. Nambarany koa fa raha ny tatitra nataon'ny Asam-baomiera teo no henoina, mbola tsy mahafantatra izy ireo raha toa efa nisy "poursuite judiciaire" natao na tsia.

Taorian'izay, namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa mbola tsy fantatry ny Solombavambahoaka raha efa nisy "poursuite judiciaire" nandeha na tsia, fa rehefa mandeha ny fanadihadiana dia hovalian'ny Solombavambahoaka izay fanontaniana izay.

Rehefa tsy nisy nanan-kolazaina intsony ny Solombavambahoaka sy ny solotenan'ny Governemanta, nilaza Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana

fanapahan-kevitra mikasika ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-010-2020/PR «tendant à la création d'une commission d'enquête parlementaire sur le contrat de concession établie entre l'Etat Malagasy et la Société Ravinala Airports».

Nomarihiny fa andininy iray ihany no hita ato anatin'ity Tolo-pehin-kevitra ity.

Lohateny: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 19 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny lohateny.

Andininy Voalohany: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 19 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny andininy voalohany.

Taorian'izay, nilaza Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny ny mpivory, ka ny andininy faha-90 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hampiharina amin'izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 19 no nandany, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ny Tolo-pehin-kevitra laharana faha-010-2020/PR «tendant à la création d'une commission d'enquête parlementaire sur le contrat de concession établie entre l'Etat Malagasy et la Société Ravinala Airports», natolotry ny Solombavambahoaka RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth, voafidy tao Fianarantsoa I.

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, an'Andriamatoa RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth, nanolotra ny Tolo-pehin-kevitra ny fitenenana raha toa misy teny tiany ambara.

Fisaorana ny Solombavambahoaka tamin'ny fahalanian'ny Tolo-pehin-kevitra natolony no nasetrin'Andriamatoa RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth tamin'ny fandraisana fitenenana nataony.

Nambarany koa fa tena ilaina io fanadihadiana io, koa nangataka ny tenany mba hananganana avy hatrany ny mpikambana ao amin'io Vaomiera io.

Taorian'izay, namaly Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso avy hatrany amin'ny fananganana izany ny mpivory, ka ny andininy faha-174 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hampiharina.

Nomarihiny fa ny Filohan'ny Vaomiera ihany no hofidina mivantana amin'ny alalan'ny latsabato miafina; ny Vondrona Parlemantera tsirairay kosa no manolotra izay olona tiany hatao mpikambana ao amin'izany Vaomiera izany.

Araka ny voalazan'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, afaka manolotra kandida iray avy ny Vondrona Parlemantera.

Nisy Solombavambahoaka vitsivitsy nanao satroka, ka nomena fitenenana.

Manolotra an'Andriamatoa RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth ho Kandidan'ny Vondrona Parlemantera IRD izahay hoy Andriamatoa RAVONTY Tam Teon Luc Urbain raha nandray fitenenana.

Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa kosa nilaza fa na tsy mpikambana ao amin'ny Vondrona Parlemantera IRD aza ny tenany dia manolotra an'Andriamatoa RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth kandida ho Filoha satria tsapa fa vonona hisahana izany izy.

Nangataka ny hirosoana avy hatrany amin'ny fifidianana, Andriamatoa FIENENA Richard Désiré satria mitovy avokoa ny hevitra ny Solombavambahoaka.

Rehefa izany, nilaza Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hiroso amin'ny fifidianana ny mpivory.

Nampahatsiahiviny fa araka ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, raha olona no hofidina, tsy maintsy atao amin'ny alalan'ny latsabato miafina izany.

Nomarihiny ihany koa fa Kandida iray no nisoratra anarana, ka hasesy avy any aoriana ny fifidianana mba hanamora izany ary izay Solombavambahoaka mandatsa-bato, iangaviana mba hanonona ny anarany sy ny laharany.

Taorian'izay fandaminana izay, niroso tamin'ny fifidianana avy hatrany ny Solombavambahoaka.

Rehefa vita ny fifidianana dia niroso tamin'ny fanisam-bato ny mpivory ary nangataka Solomvavambahoaka miisa 3, Andriamatoa Mpitarika fivoriana mba hanatanteraka izany.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka ireo; Andriamatoa isany:

- ANDRIANAMBININA Djohary Lee
- RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol
- ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot

Toy izao no vokatry ny latsabato rehefa natao ny fanisam-bato:

Isan'ny Solombavambahoaka nandray anjara tamin'ny fifidianana: 21

Vatomaty: 00

Vatofotsy: 00

Vatomanan-kery: 21

Vato azon'Andriamatoa RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth: 21

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa lany ho Filohan'ny "commission d'enquête parlementaire sur le contrat de concession établie entre l'Etat Malagasy et la Société Ravinala Airports», Andriamatoa RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth.

Rehefa izany, nankahery sy nitsodrano azy ny tenany, mba hahavita antsakany sy andavany amin'ny andraikitra mankadiry miandry azy.

Nomeny fitenenana koa izy raha toa manan-kambara.

Fisaorana ny Solombavambahoaka no nataon'Andriamatoa RAJOELINA Andriam-Harimanana Seth, tamin'ny fahatokisana napetraka taminy.

Nambarany koa fa "continuité de l'Etat" no misy amin'izao fotoana izao, ka nanentana ny Solombavambahoaka ny tenany mba hifanampy aminy amin'ny fanadihadiana hatao satria efa mivoaka amin'ny fihibohana isika Malagasy saingy ny seranampiarana-manidina kosa no mbola tsy sokafana.

Taorian'izany, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa miisa 15 ny Solombavambahoaka mandrafitra ny Vaomiera vao natsangana teo ary tsy maintsy ahitana ny Vondrona Parlemantera rehetra misy ato amin'ny Antenimierampirenena ao anatin'ny, araka ny andininy faha-47 sy faha-177 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no milaza izany.

Nomarihany fa araka ny andininy faha-47, andalana voalohany, ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no itsinjarana ny toerana.

- Solombavambahoaka miisa 10 avy amin'ny Vondrona Parlemantera IRD,
- Solombavambahoaka miisa 3 kosa avy ao amin'ny GPR.
- Solombavambahoaka miisa 2 avy amin'ny Vondrona Parlemantera TIM.

Nanao satroka Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert ary nilaza fa manodidina ny 10 eo ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao anaty Vondrona Parlemantera, koa mangataka ny hijerena ny mikasika azy ireo amin'ny tokony hampidirana azy ao anaty Vaomiera satria rehefa misy ilana azy, tonga foana izy ireo na andro na alina.

Namaly, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa tsy ny Filohan'ny Vaomiera no manapaka izay olona tokony ho mpikambana ao anatin'ny Vaomiera iray, fa ny Solombavambahoaka. Noho izany, nanontaniany ny mpivory raha mankasitraka ny fangatahan'Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert teo.

Taorian'izay, Solombavambahoaka maro no nanao satroka ka nomeny fitenenana avokoa.

Nilaza, ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot, fa mbola namita iraka ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD ka rehefa tonga izy vao manolotra ny anaran'ireo mpikambana ao aminy ny Vondrona.

Namaly, Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa tsy mbola miditra amin'ny fanolorana anarana ny mpivory, fa fanontaniana mikasika ny fangatahan'ny Solombavambahoaka VELONTSARA Paul Bert aloha no resahana eto.

Nanontany, Ramatoa BAOFENO Micheline, raha ara-dalàna ny tsy maha mpikambana ao anaty Vondrona Parlemantera an'ireo Solombavambahoaka miisa 10 ireo.

Namaly, Ramatoa ANGELE Solonge, fa miankina amin'ny mpivory ihany no anekena na tsia ny hampidirana azy ireo ao anaty Vaomiera ary avy amin'izay no anamboarana ny isan'ny Solombavambahoaka azon'izy ireo atolotra.

Andriamatoa ANDRIAMIATRIKARIVO Tiana James Pierrot kosa nangataka ny hampidirana azy ireo ao anaty Vaomiera satria Solombavambahoaka mitovy amin'ny rehetra ihany izy ireo.

Nilaza, Andriamatoa VELOMAHAZO Patrice, fa matoa nomena fitenenana ny solotenany tamin'ny fivoriana omaly, midika izany fa ara-dalàna ny fisian'izy ireo eto anivon'ny Andrimpanjakana, ka tsy tokony atao ankilabao.

Rehefa izany, nanambara Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa hevitra roa no nivoitra teo ka handraisana fanapahan-kevitra.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 15 no nanaiky ny hampidirana azy ireo ao anaty Vaomiera, tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa ekena ny hampidirana azy ireo ao anaty Vaomiera.

Nanao satroka ny Solombavambahoaka FIENENA Richard Désiré ary nilaza fa efa voamarina omaly ny maha ara-dalàna azy ireo satria Ramatoa Filohan'ny Antenimierampirenena mihitsy no nanome fitenenana ny solotenany.

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa miisa 10 ny Solombavambahoaka "indépendant", ka nanontaniany ny mpivory raha atao iray na roa ny ho solotenan'izy ireo ao anaty Vaomiera.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 3 no nanaiky fa hatao roa ny solotenany ao anaty Vaomiera, Solombavambahoaka miisa 11 kosa no nanaiky fa hatao iray izany.

Nambaran'Andriamatoa Mpitarika fivoriana, fa manana solotena iray ao amin'ny Vaomiera ny "indépendant".

Nanao satroka, Andriamatoa FIENENA Richard Désiré ary nanambara fa tsy tokony hasiana adihevitra be izany, fa "règle de trois" no tokony hampiasaina dia fantatra ny isany.

Nanao satroka, Andriamatoa FIENENA Richard Désiré ary nanambara fa tsy tokony hasiana adihevitra be izany, fa "règle de trois" no ampiasaina dia fantatra ny isan'izy ireo.


Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, izay fivoriambe hihainoana ny tatitra hataon'ny Vaomiera Manokana Misahana ny Fiampangana Manoloana ny Fitsarana Avo, arahin'ny fanambaran'ny Antenimierampirenena, hatao ny Alakamisy 17 Desambra 2020, maraina, Andriamatoa Mpitrika fivoriana.

Nanentana ny Solombavambahoaka, ny tenany, mba ho tonga mavitrika hanatrika izany fivoriambe izany.

Nanao satroka, Andriamatoa ANDRIANAMBININA Djohary Lee ary nilaza fa hivory ny Vaomiera Misahana ny Fiampangana Manoloana ny HCJ, rahampitso, amin'ny 8 ora, maraina, satria hisy fanapahan-kevitra tokony horaisina aorian'izany.

Niato tamin'ny 8 ora sy 10 minitra, hariva, ny fivoriana, rehefa avy nisaotra ny mpivory, Andriamatoa Mpitrika fivoriana.

NY FILOHA



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona